

Sabata 27 Avrily 2019

**Sabata natokana ho an'ny Asa Fanompoana Ireo Olona Niangaran'ny Vintana
(Ministères des Besoins Spéciaux)**

Fanazavana mikasika ny Ministera Miahys ireo niangaran'ny Vintana :

Araka ny fanambaran'ny Sampan-draharaha maneran-tany miahys ny fahasalamana (OMS) dia misy Arivo tapitrisa mahery izany hoe eo amin'ny 15% n'ny mponina maneran-tany no manana fahasembanana. Amin'ny kolotsaina maro, ny manana izany olana izany fahasembanana ara-batana izany dia matetika no ailikilika sy tsy raisina mihtisy. Lehibe indrindra izany fanontaniana izany ka tamin'ny 1992 dia nandray fanapahan-kevitra ny firenena mikambana (ONU) fa hanokana ny andron'ny 3 Desambra ho andro iraisam-pirenena ho an'ny olona manana fahasembanana., programma isan-taona atokana ho fanentanana ny amin'ny fitovian-jo ananan'ny olona manana endrik'izany fahasembanana izany.

Ny fiangonana Advantista mitandrina ny Andro fahafito dia miara-mifampizara izany toe-javatra izany. Tamin'ny 2011 dia nisy komity manokana natsangana teo anivon'ny departemantan'ny Sekoly Sabata sy ny Asa Fitoriana ataon'ny Tena Manokana mba hamaly ny hetaheta sy filan'ireo olona ao anatin'izany vondrona manokana izany. Izany dia nitarika ny fananganana ny Ministera miadidy ny Asa Fanompoana amin'ireo niangaran'ny vintana manana filana manokana, ministera izay niandraikitra ireo moana marenina sy jamb teo aloha.

Larry Evans, mpanolo-tsaina manokana ny filoha mikasika ny ministera fiahiana ireo sembana dia nientantentana mihtisy mahita ireo fiangonana tamin'ity ministera ity amin'ny alalan'ireo paikady stratejika fanaony isan-taona. « Mino aho fa arapaminaniana ity Ministera ity. » hoy Larry Evans raha maneho an-dalanteny tena tiany ao amin'ny sora-tanan'i Ellen G White. « Hitako fa tena mifanaraka amin'ny sitrapon'Andriamanitra raha ireo Kamboty sy mpitondra tena, ireo jamba sy marenina, ireo mandringa sy mijaly amin'ny zavatra maro no raisin'ny fiangonana advantista an-tanana ; Izany atao izany dia manampy amin'ny famoronana toetra tsara eo amin'ny mambra. Ny anjelin'Andriamanitra dia manara-maso izay fihetsika ataotsika amin'ireo olona ireo iza mila ny fangorahantsika, ny fitiavantsika ary ny fahalalahantantsika tsy misy fepetra. Izany no isan'ny fomba itsapan'Andriamanitra ny toetsika. » (Témoignage pour l'Eglise 3, page 511).

Ny Ministera Miahys ireo niangaran'ny Vintana/manana filana manokana dia manana iraka hanampy ireo mpitarika mianga hatrany amin'ny fiangonana eo an-toerana hatrany amin'ny foibe maneran-tany hamokatra fitaovana, fanofanana, sy fampaherezana ary tahiry filan-kevitra. Raha ny marina ny iray ain'ireo laharam-pahamehan'ity ministera ity dia ny « hampirisika ireo mpitarika ny fiangonana manerana izao tontolo izao mba hijery manokana izay zavatra ilain'ireo sokajin'olona ireo amin'ny lafiny samihafa eo amin'ny fainam-piangonana. Toroina lalana ireo mpitarika mba hamolavola programma mba hijoro hanao tantara vavolombelona amin'ny ezaka fanampiana ireo niangaran'ny vintana ireo ary manao izay rehetra azo atao hahafahany ho tafiditra amin'ireo trano misy antsika sy ny filazantsara torintsika. Mba hanatrarana izany tanjona izany, ireo divizonia 13 maneran-tany dia nasaina nanendry mpandrindra tompon'Andriakitra amin'ireo ministera miasa amin'ireo manana filàna manokana sy ireo marenina.

Mba hampiroboroboana ny fampidirana ireo olona sembana ireo, izay antsoin'i Larry Evans hoe olona manana filàna manokana, ny fiangonana dia namokatra tahirin-kevitra samihafa marobe. Tsidiho ao amin'ny www.adventistdeaf.org, tronkalam-pifandraisana iraisam-pirenena izay mampifandray ireo olona marenina mba hahatsapany fa tafiditra ao anaty fiaraha-monina sy ny iraka izy, hanolotra fitaovana fanaovana vavaka sy fitaovana hafa ara-pivavahana, ary manao lisitra iny adiresin'ireo fiangonana izay tantanin'ny marenina ka mila fandikan-teny.

Fitaovana iray koa ny Hope Channel Deaf, (TV ho an'ny marenina) izay manolotra amin'ny fitenin'ny tanana ireo fandaharana samihafa amin'ny fiteny Anglisy, Spainola, Frantsay Allemand sy Portioge.

Ny Christian Record Services, dia programa efa tena miroborobo natao ho an'ireo jamba izay manohy ny ezaka tsy mety sasatra ataony hamokatra fitaovana amin'ny fiteny Braille, anatin'izany ireo fitaovan'ny Sekoly Sabata, tari-dalana fianarana Baiboly samihafa sy gazety ara-pivavahana.

Ny Fiangonantsika dia manokana Sabata indray mandeha isan-taona mba hanentanana ny olona hijery manokana ireo olona manana fahasembanana/ filàna manokana ary miezaka manolotra fotoana hahafahan'izyireo manao Asa Fitoriana

« Ny Ministera miahys ny Sembana/niangaran'ny vintana dia manomboka sy mamita miaraka amin'ny teny faneva vaovao « Iray ihany isika ao amin'i Kristy. Koa ny fanentanana, ny fanekena sy fandraisana azy ireny, ny fanofanana sy ny ministera atao amin'izany dia ao anatin'ilay programma hoe « MAMBRA REHETRA MANDRAY ANJARA. » ary ity ministera ity dia hiara-miasa hanolo-tanana amin'izany ezaka lehibe izany, » hoy Larry Evans

Ireo Ministera miahys ny niangaran'ny vintana ireo dia manatratra ireo manana olana ara-pahasalamana eo amin'ny vatany, ny sainy, ny fihetseham-pony, ao anatin'izany koa ireo Kamboty ary miahys manokana ireo manana olana ara-pahasalamana. Azonareo trandrahina ireo tahirin-kevitra rehetra ireo ao amin'ny site web: specialneeds.adventist.org.

Beth Thomas, ANN

TORITENY 27 AVRILY 2019

« Aoka handray ny olona fa tsy ho Kristiana mpanavakavaka »

Josef Slowík – Mpandrindra ny Adventist Special Needs Ministries, Union Czech & Slovak, EUD)

Maro ny olona eo amin'izao tontolo izao ankehitriny no te ho sangany – te ho anisan'ireo tarika sangany any anatin'ny fiaraha-monina. Raha misy anefa sanatria ny fanavakahana ao amin'izany dia tsy ho tian'ny olona velively izany. Ny fiavahana dia toa mifandray amina tombontsoa sy valisoa ho ana olona manokana na tarika vitsivitsy ihany. Raha ianao koa anefa no ao anatin'ireo vahoaka niangaran'ny vintana/sembana dia midika avy hatrany matetika izany fa tsy tokony higoka tombons-tsoa ianao. Eo amin'ny fiaraha-monina raha mahita olona kilemaina/sembana iray isika dia matetika tonga avy hatrany ao antsaina endrika lafy ratsy izay mety mitarika hatrany amin'ny mety ho fanavahana/fanilikilihana olona iray ao anatin'izany toe-tena izany.

Mba misy itovizany amin'izany ve ny zava-misy eo amin'ny tontolon'ny mpanaraka an'i Kristy ? Manao ahoana no fihetsika sy fomba fitondran'ny Kristiana ireo olona manana filàna manokana/niangaran'ny vintana ireo ? Raha ny fiangonana no tena tenan'i Kristy, dia tsy maintsy ho tena fiaraha-monina tsy manavakavaka ve izy ? Ny fanavakahana/fanilikilihana anefa dia tsy ao anatin'ny soatoavina Kristiana velively akory (Jakoba 2:1-9).

Ny Apostoly Paoly ao amin'ny 1 Korintiana 12 (andininy 12-27) dia maneho ny fiangonana ho toy ny vatana – velona izay misy fitsinjarana maro samy hafa (taova, ratsam-batana) izay mifandray ary ny taova tsirairay dia tsy misy azo soloina. Raha sanatria misy taova iray tsy eo dia tsy ho feno ilay vatana. Mampitandrina antsika izy mba tsy hanao tsirambina na hanao tsinontsinona na dia ny iray monja amin'izy ireo aza : fa sady mampidi-doza izany no tsy fahendrena (tahaka ny taova sasany eo amin'ny vatantsika izay mety ho kely sy tsy misy endrika akory anefa tena iankinan'ny aina.) ! dia toy izany koa, dia misy matetika no atao antsirambina sy tsinontsinona mihitsy ireo toa malemy indrindra, tsy misitraka tombontsoa, tsy mahaliana ary eritreretina ho hafa tanteraka aza. Tsy manam-potoana hifantohana eo amin'izy ireny isika matetika.

Matahotra mantsy isika fa ireo marenina dia mety tsy hahare izay lazantsika, na ireo jamba mety tsy hahita ny hakanton'ny voarin'Andriamanitra ary mety ho sarotra aminy ny hidirany ny fanjakan'ny lanitra miaraka amin'ny sezankodiarana (chaise roulante). Angamba ny sakana lehibe dia satria tsy afaka mifandray amin'ny olona toy ireny isika na tsy fantatsika ny hoe ahoana no fomba hanatonana azy ireny satria tsy mbola manana ny fanandramana manokana ho amin'izany isika.

Angamba ny sasany amintsika no sahiran-tsaina satria tsy mahay mampalady ny marenina rehetra, na mampahiratra ny jamba rehetra, na manasitrana ny malemy ary ireo niangaran'ny vintana manodidina antsika toy ny nataon'i Jesosy sy ireo Apostoly tamin'ny androny. Angamba efa tsy dia fotoan'ny fahagagana intsony ny ankehitriny...Aoka anefa ho azo antoka fa ny tena fahagagana dia tsy ny hoe mahasitrana ny ireo kilemaina sy marary fotsiny isika ankehitriny, ny tena fahagagana andrandraina dia ny hiovantsika hanaiky sy handray ny karazan'olona toy ireny ho anisan'ny vatan'ny Kristy mitovy amintsika dia ny fiangonana izany.

Raha ny foto-kevity ny Baiboly no jerena dia manana ny toerany ao amin'ny fanjakan'Andriamanitra ireny madinika ireny. Isainy ho isan'ny vahoakany sisa ireo (Jeremia

31:7-9). Mitombina ny fanasany ho azy ireo, ary Ny Tompo dia manamafy fa tsy hanosi-bohontanana azy ireo Izy. (toy ireo hafa ; Jereo Lioka 14:16-22) – angamba satria tsy dia mba mpahazo fanasana sy fotoana manokana eto amin’izao tontolo izao izy ireny amin’ny fiainana. Afaka mamaky ny filazantsara isika fa nisy maro ireo olona sembana niangaran’ny vintana ireo teo anivon’ireo nanara-dia an’i Jesosy (Matio 15:30). Marina fa tsy ary nositraniny avokoa izy ireny tamin’ny fotoan’androny – fa maro tamin’izy ireny taty aorian’ny niakaran’i Jesosy tany an-danitra no nositraniny tamin’ny alalan’ireo Apostoly. Na izany aza na dia nihena be tokoa ny isan-jaton’ireo nanana fahasembanana tao amin’ny fiarahanonina tamin’izany fotoana izany – dia mbola indreny maro izy ireo no eo anivontsika sy manodidina antsika ankehitriny.

.Tsy mbola nesorin’Andriamanitra (na tamin’ny fahagagana aza) ireny fa mbola eto amintsika mandrariva ireny– fa nampianariny mandrakariva ny vahoaka sy ny fiangonana ny fomba hanatrarana azy ireny : fa ireny olona ireny dia tsy azo ailikilika na ampahoriana (Levitikosy 19:14-15; Eksaodosy 22:21-22). Mifanohitra amin’izany aza, fantatr’Andriamanitra ny lafiny mampahery azy ireny ary dia mampitodika ny fijeriny amin’izy ireny Izy (Isaia 35:4-6).

Toy ireo Kristiana hafa dia matetika no mpitory ny « teolojian’ny firoboroboana » isika : Andriamanitra dia manome fahombiazana sy harena ho antsika ambonin’ny zavatra rehetra. Kanefa ny tantara ao amin’ny Baiboly dia azo itarafana teolojia mihevitra ny sosialimbahoaka. Tokony manao ny hafa ho mihoatra ny tenantsika isika (Filipiana 2:3), satria ny olombelona tsirairay avy dia mendrika hahazo ny fikarakarantsika, ny tsirairay avy dia asaina handray ny fahasoavan’Andriamanitra sy hanara-dia an’i Jesosy, tsy misy afaka ho esorina tsy ho tenan’i Kristy sy tsy ho anisan’ny Tempolin velona – ao anatin’izany ireo manan-kilema sy ireo mety efa haloan’ny fiaraha-monina aza (1Kor 12; Efesiana 2:19-22; Jakoba 2:8-9).

Mazava loatra , ny olona niangaran’ny vintana dia tena mila fanampiana manokana amin’ny fianana andavan’andro – kanefa koa manan-javatra betsaka hatolotra ny tsy sembana izy ireo. Tsy te hiantehitra mandrakariva amin’ny fanampian’ny hafa izy ireo fa mba te ho afaka hikarakara tena. Tsy hoe manana filana manokana ihany izy ireo (besoins spéciaux) fa manana ny fahaiza-manaony, ny talentany sy fanomezam-pahasoavany, tahaka ireo mpanaradia an’i Kristy hafa rehetra. Mila fantarina sy ampiasaina ireo fahazoa-manaeo eo am-pelatanany. Amin’izay dia tsy ho hitantsika ny fahasamihafany amintsika, ny tsy fahatanterahany, fa ho afaka hampanan-karena ny fahafaha-manaony aza isika.

Ao amin’ny filazantsaran’ny Jaona (Toko faha 9), dia mamaky ny tantaran’ny nihaonan’i Jesosy tamin’ilay Jamba hatrany an-kibondreniny isika. Mametraka fanontaniana maikamaika izay nampiseho ny foto-kevitra mibahaha mialoha sy anganongano efa nahazo faka teo amin’ny Jiosy sy ireo Kristiana tamin’izany fotoana izany (ireo mpitarika Jiosy) : Hitan’izy ireo ity lehilahy sampona izy ho vokatry ny fahotana nataon’ny tenany na ny an’ny ray amandreniny. « Satana izay loharano niavian’ny fahotana sy ny voka-dratsiny dia mijery ny aretina sy fahafatesana ho fanasaziana tsy misy indrafo avy amin’nAndriamanitra ho valin’ny fahotana natao. (E.G. White: The Desire of Ages, p. 471).

Nolavin’i Jesosy izany foto-kevitra izany ary nampisehoany fa ny fahasembanana mahazo ny olona dia fotoana hararaotin’Andriamanitra ho fanehoana ny fahasoavany sy ny heriny ary ny voninahiny. Ao amin’ity tantara ity, dia nampahiratra ny jamba Jesosy tamin’ny fampiasana fotaka tsotra sy rano (tsy sarotra na manahirana akory) ; kanefa tsy izay no ampahany manandanja indrindra teo amin’ity tantara manontolo ity. Rehefa nahita ireo kalaza ara-pivavahana fa natao tamin’ny andro Sabata ny fahagagana, dia niantso ilay jamba sitrana izy ka

nanontany ny tsipiriany mikasika ilay fahagagana niseho.

Tonga hatramin'ny fiahiahiana izy ireo fa tsy jamba akory izy fa nety ho « fanova-maso » fotsiny no natao. Izany no niantsoan'izy ireo ireo ray amandreniny kanefa ireto ray amandreny dia namerina azy ireo indray ho any amin'ilay zanany jamba taloha. (Azo jerena amin'izao valinteny izao ny fahendrena maha-ray amandreny izay manaja ny fahazakan-tena sy fahaleovan-tenan'ity zanany efa lehibe izay niangaran'ny vintana teo ity – kanefa ny tena marina ihany koa, ireo ray amandreny ireo dia nanao izany noho ny tahotra ny havoaka hiala amin'ny Synagoga). Tsy ela taorian'izany dia nampiantsoina indray ilay lehilahy nositranina mba hajoro vavolombelona hiampanga fa mpanota i Jesosy– satria niaiky ireto manam-pahaizana jiosy fa nanana hery sy fahefana manokana tsy dia mahazatra i Jesosy fa tsy fantatr'izy ireo hoe avy aiza moa izany hery izany.

Amin'izao fotoana izao, dia re manaitra ny valintenin'ilay jamba taloha. « Mba mahagaga tokoa lahy izany ! fa tsy fantatrareo ny nihaviany, nefo nampahiratra ny masoko Izy. Fantatsika fa Andriamanitra tsy mihaino ny mpanota ; fa izay mivavaka Aminy sy manao ny sitrapony no henoiny. Hattrizay hattrizay dia tsy mbola re fa nisy nampahiratra ny mason'izay teraka jamba. Raha tsy avy amin'Andriamanitra izany Lehilahy izany dia tsy mahefa na inona na inona Izy. » (Jaona 9:30-33).

Mazava loatra fa tsy nankasitrahant'ireto mpitarika Jiosy izany teny izany ka dia noroahina niala teo avy hatrany ralehilahy. Fanehoana mahatalanjona nanao ahoana re izany hoe indro ilay olona sembana manan-kilema teo dia tsy niankin-doha tamin'ny tsy fahafahany mihetsika intsony – satria efa sitrana izy kanefa indrisy fa dia mbola jeren'ny olona hatrany ho toy ny olona sembana sy tratry ny fahavoazana hatrany!

Ny sakana lehibe dia niorina tao amin'ny fon'izy ireo sy ny saily. Ny valin-teny mahiratra nataon'ilay jamba sitrana dia maneho fahamarinana lehibe: fa na dia niaina tao anatin'ny fahasembanana an-taonany maro aza izy, dia tsy isalasalana fa voafetra ihany izy tamin'ny fanabeazana azony sy ny fandraisany anjara teo amin'ny fiarahamonina ara-pivavahana niaiany kanefa tamin'io fotoana io dia naneho fahamatorana ara-maha olona izy, fahalalana tsara ny Soratra Masina, fahafahana miaro ny foto-keviny. Tsy fantatsika ho nanao ahoana ny nahazoany izany fahaiza-manao rehetra izany – tahaka ny hoe : « Nomen'i Kristy fahasoavana sy hery izy ka indro fa lasa vavolombelona ho Azy teo. » (E. G. White: The Desire of Ages, p. 474) – kanefa ihany koa dia hitantsika mazava fa ny tsy fahatomombanan'ny vatany dia tsy nataony ho sakana tsy hahavitan-javatra na hiantehitra mandrakariva amin'ny fanampian'ireo namany mpifanolo-bodirindrina taminy. Taty aoriania, rehefa tafahaona taminy Jesosy ka nanazava ny fandehan-javatra : teraka jamba ity lehilahy ity, kanefa raha ny marina dia hitany sy fantany tsara izay tena manan-danja indrindra. Maro ny olona hafa mahiratra tsara ara-batana fa amin'ny ara-panahy kosa dia jamba. (Jaona 9:39)

Amin'ny fomba tsy manavakavaka, ny fahasembanana, tsy fahafaha-mihetsika, na maha-voafetra hitatsika eo amin'ny fiainan'ireo olona ireo dia matetika tsy tena manan-danja loatra amintsika. Izay tena mila asiantsika lanjany anefa dia ny talentany, ny fanomezam-pahasoavany ary ny fahafahany izay itadiavantsika fotoana hampiharana azy.

Mila ny fanajantsika ireny olona ireny – tokony hankasitrahantsika ny fahaiza-mamorona ananany sy fifandraisana aminy toy ny mifandray amin'ny olona hafa rehetra. Tsy tokony hitaky zavatra lehibe mihoapampana manoloana ny fahavotsany tsotra isika, satria sarotra amin'izy ireny izany amin'ny maha – sembana azy izany. Ny tsy fanavakavahana azy kosa

anefa dia midika fahaiza-mampifanaraka ireo maro an'isa amin'ireo vitsy an'isa manankilema ireo. Koa raha te hanangana fiangonana tsy manavakavaka ianao dia indreto paikady 5 tena hanampy anao :

1. Fanesorana ny sakantsakana rehetra – tsy fanalana ireo sakana ara-batana fotsiny (oh : ireo olona mandeha sezakodiarana) fa manala na mampihena ireo sakana eo amin'ny fifandraisana amin'ny olona manana fahasembanana, sakana ny amin'ireo hevitra mibahana mialoha sy tsy fifankahazoan-kevitra aminy, sns...

2. Manala ireoakan'ny tahotra/fitebitebena – aoka isika tsy hatahotra hifangaroharo amin'ireo olona izay tsy mitovy amintsika manana ireo filana manokana/fahasembanana ireo; andao hanorina fiaraha-monina izay hahafahan'ireny olona ireny tsy hanan-tahotra hifaneraserana sy hidirana an-tsehatra.

3. Aoka mba ho akaikin'ireo izay mila antsika isika (tsy mandritra ny Sabata ihany)– maro ireo olona manana fahasembanana no voafetra eo amin'ny fahafahany mifandray ao anaty fiaraha-monina ka manantena izy ireo hahazo famangiana farafaharatsiny indray mandeha isan-kerinandro amin'ny Sabata ; andao hekena izany ho fihetsika Kristiana aseho tsy indray maka isan-kerinandro ihany fa isan'andro mihitsy.

4. Manàna Fomba fijery ara-Baiboly momba ireo olona niangaran'ny vintana – Raha ny Baiboly no jerena, Andriamanitra dia tsy manilika velively ireo karazan'olona ireo fa vao maika aza mifanohitra amin'izany, tena nihosina niaraka tamin'izy ireo Izy (oh : Matio 25:34-40).

5. Miaraha manangana ny « fiangonana » aminy – tombon-tsoa ho antsika ny mamorona ny vatan'i Kristy sy ny Tempoliny velona, izay ananan'ny mpanaraka Azy toerana sy iraka atao, na eo aza ny fahalemeny amin'ny maha-olombelona, ny mahavoafetra an'ireo manana filàna manokana. Ny fiangonana mandray ny olona rehetra dia afaka manolotra fanandramana velona ny amin'ny fanjakan'Andriamanitra ankehitriny eto an-tany. Afaka ho vavolombelon'Andriamanitra izay tsy manositosika na iza na iza te-hanatona Azy (Jaona 6:37-40). Amen

Vavaka

Rainay izay any an-danitra, ampio izahay hanorina fiaraha-monina misokatra na ho an'iza na ho an'iza mila ny fahasoavano sy vonona hanara-dia Anao na eo aza ireo tsy fahatomombanany sy ireo fahasembanany – Ny herinao anie hatambatra amin'ny fahalemenay. Misaotra anao izahay fa tsy manosi-bohotanana na iza na iza manatona Anao hitady fitiavana sy fitahiana Ianao.